Arlette RAMAROSON

FANAMBARANA

Manoloana ny habibiana tsy roa aman-tany nitranga tany amin'ireo fokontany tao anatin'ny Kaomina Antsakabary – Distrika Befandriana Avaratra dia manao izao fanambarana manaraka izao ny mpikambana ato amin'ny Birao maharitry ny « ***Vovonana Mampiray ny vahoaka malagasy ny fanorenana ifotony sy ny fanarenana an'i Madagasikara*** »
.

Taorian'ny fitsanganana vavolombelona nataon'ireo Sojabe, ny Mompera any Antsakabary, ireo fokonolona niharan'ny doro-trano sy fiangonana miisa 487 sy rava fananana nohon'ny fanahiniana nataon'ireo polisy sady niteraka fahafatesana vavy antitra iray dia manameloka izany ny « *Vovonana Mampiray* » satria tena manitsakitsaka ny Zon'Olombelona izany fihetsika baribariana nataon'ireo polisy tamin'ny mpiray tanindrazana izany. Nofanina manokana hitandro toy ny anakan'andriamaso ny fiarovana sy ny fampiharana ny Zon'olombelona ny mpitandro ny filaminana, mandrindra ny filaminam-bahoaka, miaro ny vahoaka sy ny fananany ny mpitandro filaminana fa tsy sanatria mandoro trano fonenana sy mandrava fananana amin'izao efa fahantrana lalina mianjady amin'ny vahoaka maro an'isa izao, indrindra fa ireo fokonolona niharan'ny habibiana sy ny fampijaliana tao amin'ny Kaomina Antsakabary. Tapaka ny fianaran'ny mpianatra satria tapitra may ny fitaovam-pianarana. Aza adino fa tsy tongan'ny fiara izany Kaomina izany fa amin'ny alalan'ny moto na bisikileta na mandeha tongotra eo amin'ny 135 km mahery vao tonga any amin'ny Befandriana Avaratra.

Nalefa hisambotra ireo olona nanao « fitsaram-bahoaka » ka nahafaty ireo polisy roa ireto polisy miisa 40 mahery ireto fa tsy hanao « ***valy faty*** » sy « ***fitsaran'ny polisy mivantana ireo fokonolona tsy manan-tsiny***
»
tamin'ny fokontany miisa enina izay nolalovany izay mielanelana eo amin'ny 4 sy 6 kilometatra avy. Tsy tan-dalàna ireto polisy ireto satria fantany tsara ny andraikiny dia ny fitondrana ireo noheverina fa meloka teo anivon'ny Tribonaly Ambaratonga voalohany tao Mandritsara na Antsohihy fa tsy nandoro trano sy nampijaly ny fokonolona mpiray tanàna. Inona marina ny « baiko azon'ireto polisy ireto» tamin'izao iraka izao !

Mankahery ireo fokonolona sady maneho ny fiaraha-miory amin'ny fianakaviana niaram-boina i zahay.

Na nihoam-pefy na tsia ireto polisy nalefa namita iraka tany Antsakabary ireto dia ny fanjakana no tompon'andraikitra feno voalohany ka miantso ny fitondrana izahay **handray andraikitra amin'ny fanonerana tsy misy atak'andro ireo tsy manan-tsiny niara-boina isan-tokan-trano ary handray fepetra hentitra amin'ireo izay nahavanon-doza toy izao** mba ho ohatra velona ho an'ireo mpitandro filaminana hafa mety hihoam-pefy ka tsy hiverenan'ny toe-javatra mampalahelo toy izao intsony eto amin'ny firenena. Tsy loza ara-boajanahary izao tranga izao ka apetraka ho andraikitry ny BNGRC sy ny tsipaipaika (*Téléthon*
) ataon'ny mpiray tanindrazana fa
tena endriky
ny
« Fanjakana tsy tan-dalàna » izao ka mitaky fandraisana andraikitra maika sy fanovana ny toe-tsaina mifanilika adidy. Tsy mila miandry fitoriana akory ny mpitondra manoloana izao heloka be vava izao fa avy hatrany dia
mampiseho ny fahadisoany ny mpitondra fanjakana ka mitondra ny fialan-tsiny sy

fifonana ary fiaraha-miory ampahibemaso. Endriky ny «Fanjakana tsara tantana » **izany.**

Ny *« Vovonana Mampiray »* dia mitsipaka marin-drano sady manameloka ny *« fitsaram-bahoaka »*
satria tsy mifanaraka amin'ny Soatoavina malagasy izany sady tsy manaja no manitsakitsaka ny lalàna manan-kery sy ny
fanjakana tan-dalàna, ny Zon'Olombelona sy ny Lalana iraisam-pirenena.

Tsy tongatonga ho azy anefa ny *« fitsaram-bahoaka »* satria tsy mahatoky intsony ny rafitra sy ny fitondram-panjakana ary ny fitsarana ny vahoaka nohon'ny kolikoly, ny fanaparam-pahefana ataon'ny mpitondra izay nampidramin'ny vahoaka ny fahefana isan'ambaratongany ao anatin'ny fotoana voafetra araka ny voafaritra ao anatin'ny Lalàm-panorenana, ny firaisana tsikombakomba amin'ireo vahiny lazaina fa
« mpandraharaha »
ka lasa
« tompony mangataka atiny ny vahoaka »
, ny fitsinjarana tsy ara-drariny ny harem-pirenena, ny fisian'ny
« dahalo »
izay mampandry tsy lavo loha ny vahoaka isam-paritra, ny fandraisana anjaran'ireo mpitandro filaminana sasany amin'ny fiaraha-miasa amin'ireo jiolahy ka mampirongatra ny tsy fandriampahalemana manerana ny Nosy, ny fanondranana an-tsokosoko ny harem-pirenena izay fananana iombonan'ny malagasy, ny fifangongon'ny
fahefana eo anivon'ny foibem-pitondrana,…
Mitarika amin'ny « fampahatrana hatrany ny vahoaka » izany tranga rehetra izany.

NOHO IREO ANTONY IREO DIA:

Mitaky vaha-olana maika izany rehetra izany satria efa eo anoloan'ny « hantsana mangitsokitsoka » ny raharaham-pirenena ary ho « ***rava ny firenena*** » raha tsy miara-mientana isika rehetra handinika sy hamakafaka izao olana goavana mangeja ny tanindrazantsika;

Manao antso avo amin'ny Filoham-pirenena sy ireo mpomba ny fitondrana ankehitriny, ny mpanohitra, ny fiaraha-monim-pirenena, ireo mpitandro ny filamianana (polisy – zandary – miaramila), ireo olom-pirenena tsotra tia tanindrazana ny *«Vovonana Mampiray »* mba hifanatona sy hiray hina ary hiaraka hanomana ny
«
Loabary an-dasy nasionaly ho fanorenana ifotony sy ny fanarenana ny firenena
»
mialohan'ny fifidianana ny Filoham-pirenena mba hisorohana ny korontana izay mety hitranga eto Madagaikara mialoha na aorian'izany fifidianana izany.

Ny fanorenana an'i Madagasikara dia mifototra amin'ny fanorenana ara-panahy sy ara-moraly, ny fanovana ny rafitra sy ny toe-tsaina, ny famolavolana ny **Satan'ny Fihavanana Malagasy** n a ny
"Charte
des valeurs sur le Fihavanana"
ka hiverina eo anivon'ny
FOKONOLONA FOTOTRY NY FIRENENA
ny hasina, firaisam-po, firaisankina, fifanampiana, fifampitokisana, fifankatiavana, teny ieràna, fifanajana amin'ny samy Malagasy izay hatratrarana ny tanjona ara-toekarena dia ny fampandrosoana lovan-jafy eto Madagasikara.

Marihina fa ato ho ato ny « *Vovonana Mampiray ny vahoaka malagasy ny fanorenana ifotony sy ny fanarenana ny an'i Madagasikara"* dia hitondra fanazavana feno momban'ny tena mampiavaka ny "Loabary an-dasy nasionaly ho fanorenana ifotony sy fanarenana an'i Madagasikara" raha ampitahaina amin'ireo Fivoriana samihafa teo aloha ho an'ny mpiray tanindrazana sy ny Vondrona Iraisam-pirenena.

MASINA NY TANINDRAZANA

ANDRIAMANITRA MIARO AN'I MADAGASIKARA

Natao teto Antananarivo, androany faha 06 marsa 2017

Arlette RAMAROSON

Filohan'ny Vovonana Mampiray

Mpitsara Iraisam-pirenena teo aloha